1) Lamba désigne aussi bien les toges que les tissus non encore utilisés.

2) Pour traduire Andriamanitsika, qui apparaît comme le Dieu de celui qui parle et de celui à qui on parle.

14- Ary nony efa sasatra ny nandà Ikalabe, dia nanaiky hampiseho azy no farany ; nefa, hoy izy :

- Raha tsy mitondra izao hanasinana azy hianao, dia tsy mahazo mijery azy :volatsivaky, masom-bola hidivava, na omby malaza ^ovilavita ; ary raha tsy misy ireo, hoy izy, dia voahangy nivady na vola eranambatry 3 na eranambatry 1, izany no fomba fanasinana azy; ka raha tsy ireo zavatra voalaza ireo no misy tonga anankiray (1) dia tsy azo ho jerena akory izy.

15- Rehefa nahare izany ralehilahy, dia notatahany tany aminy ny mason-bola, ka natolony azy hoe :

- Avy manasina ny Andriamanitra aho, tompokovavy,

Dia ^onoraisiny Kalabe ny mason-bola, ka nivavaka izy hoe :

- "Ato hianao Rakelimalaza ; tonga ireto olona ireto, avy manasina anao, mitondra ny masom-bola hidivava, (sady miondrika avokoa izy ao an-trano) ka mitahia hianao ; fa tsy tonga, tsy tonga handrobo-robo afo ; tonga/^{tsy}manao an-keriny na manao hoe tafandry va ny topony, fa hitady ny hahasoa sy hahatsara. Ka tonga izao ny hasina hanasinany anao. Ka hijery anao izy ; fa Andriamanitra tsy mba roa aman-tany hianao ; Zanak'Andriananahary, lahitokany hianao ; Andrian-toka-manjaka ^oamy ny tany hianao.

16- Rehefa vita ny fanasinany azy toy izany, dia apetrany ao ^oamy ny Kelimalaza ny vola (hasina), dia mirary (mihira, dihy) amin'izay izy hoe :

- "Tsara Andriamanitray

Hianao Rakelimalaza,

Hianao Rakelimalaza,

Ny tsy manana anao no maniry,

Fa izahay manana anao dia sambatra".

(1) Ms : anankiray.

Et quand Kalabe fut fatiguée de refuser, elle finit par accepter de le montrer ; mais elle dit : "Si vous n'apportez pas ces choses à lui offrir, vous n'aurez pas le droit de le regarder : une piastre non coupée (1), un anneau d'argent brisé, ou un boeuf malaza volavita ; et à défaut de cela, dit-elle une paire de perles ou des "pièces" de trois eranambatry ou de un eranambatry ; voilà comment on lui rend habituellement hommage. Par suite, si l'on ne dispose pas de l'une au moins de ces choses énoncées, on ne peut même pas le regarder.

-14

Quand l'homme eut entendu cela, il sortit un anneau d'argent de sa poche, et le lui tendit en disant :

-15

- "Je viens faire offrande au Dieu, Madame",

Kalabe reçut l'anneau d'argent et fit cette prière :

- "Rakelimalaza, vous êtes ici ; voici venus des gens pour vous rendre hommage : ils apportent l'anneau d'argent brisé, (cependant dans la maison tous étaient prosternés) ; donnez donc votre bénédiction ; car ils ne sont pas venus (2), ils ne sont pas venus pour mettre le feu ; ils sont venus sans faire violence et sans se demander si le maître de céans s'est endormi ; (ils sont venus) à la recherche de ce qui leur procurerait le bien et l'avantage. Et voici l'offrande par laquelle ils vous font hommage. Ils vont donc vous regarder, vous êtes un Dieu qui n'a pas son pareil sur terre ; vous êtes le Fils d'Andriananahary, son fils unique ; vous êtes le seigneur qui règne seul sur la terre".

Après lui avoir ainsi rendu hommage, elle dépose l'argent (l'offrande) près d'Ikelimalaza, puis ils se mettent à prier en chantant et en dansant : "Notre Dieu est bon.

-16

Vous Rakelimalaza,

Vous Rakelimalaza,

Ceux qui ne vous possèdent pas sont en proie au désir.

Mais nous qui vous possédons, nous sommes comblés".

1) Vola tsivaky et mason-bola hidivava (offrande royale et offrande fréquente).

2) Ici semble manquer le complément de tonga.

17- Ary rehefa vita indray ny firariana (hira sy dihy) dia samy manasa tana avokoa izy rehetra ao an-trano sy mamotsy nify, dia nihinana ny sakamalao izay atao hoe : zavatr'Andriana.

18- Rehefa samy nihinana avokoa izy ireo, dia vao izay no raisiny tao any ny fitoerany Kelimalaza, dia nampijereny azy roalahy.

19- Dia niteny amin'izay ralehilahy (Andriampanihany no anarany) hoe :

- Aoka tompokovavy mba ho entiko izy ; nefa tsy ho entiko ditra, tsy ho entiko heriny, tsy teniko fe lehilahy.

Dia hoy Kalabe :

- Be fady loatra izy ity, ka tsy ho tohanao (tsy laitranao) ny hifady azy, fa raha tsy mahatandrina ny zavatra ho fadina aminy dia maty.

Dia hoy Andriampanihany :

- Na ny masoko aza no tiany ho potsirina, ary ny tanako no tiany ho tapahina, ary ny zanako no tiany hatao fanalamboady (fanatitra), dia zakako hiany, na inona na inona.

20- Dia hoy Kalabe :

- Tsy ny masonao no ho potsirina na ny tananao no ho tapahina na ny zanaka no hatao fanalamboady na ny harenao no ho lanina, fa izao no fadiny :

1. Tsy homan-kisoa na mikasika azy.
2. Tsy homana osy na mikasika azy.
3. Tsy homan-tongolo na mikasika azy.
4. Tsy homan-tsifotra na mikasika azy.
5. Tsy homan-kenaratsy na mikasika azy.
6. Tsy homan-ono avadika na mikasika azy.
7. Tsy homan-kanina tratry ny roatra na mikasika azy.

Et après la prière (chant et danse), tous ceux qui sont dans la maison se lavent les mains, se blanchissent les dents et consomment le gingembre que l'on dit denrée princière. -17

Quand ils en eurent tous mangés, ce n'est qu'alors qu'elle prit Kelimalaza dans l'endroit où il était, et qu'elle le présenta aux deux hommes. -18

L'homme - celui qui s'appelait Andriampanihany - dit alors :
- "Permettez, Madame, que je l'emporte; mais je ne l'emporterai pas par force, je ne l'emporterai pas par violence, ce n'est pas ma parole d'homme qui équivaut à un ordre. -19

Ikalabe répondit :
- "Il a bien trop d'interdits pour que vous puissiez les respecter, alors que si l'on est incapable de respecter ces interdits, on en meurt".

Andriampanihany répondit :
- "Même si ce sont mes yeux qu'il veut que l'on crève, et mes mains qu'il veut que l'on coupe, et mes enfants dont il veut le sacrifice (le don), je suis prêt à m'y soumettre quoi qu'il en soit.

Ikalabe répondit : -20
- "Ce ne sont pas tes yeux qui seront à crever, ni tes mains à couper, ni tes enfants à sacrifier, ni tes richesses à épuiser, non; mais voici ses interdits :

1. On ne mange pas de porc, et on n'y touche pas.
2. On ne mange pas de chèvre et on n'y touche pas.
3. On ne mange pas d'oignon, et on n'y touche pas.
4. On ne mange pas d'escargot, et on n'y touche pas.
5. On ne mange pas de viande de funérailles, et on n'y touche pas.
6. On ne mange pas d'aliments cuits sous la cendre et qu'on a retournés, et on n'y touche pas.
7. On ne mange pas d'aliments qui ont été touchés par l'écume, et on n'y touche pas.

8. Tsy homan' ondry na mikasika azy.
9. Tsy homan-tsokina na mikasika azy.
10. Tsy mahazo mitaina raty (hoditr'akondro).
11. Tsy mitaina tenina (ahitra maranitra).
12. Tsy mitaina horondrano.
13. Tsy mahazo miditra an-paty.
14. Tsy mihinan-kanina ^oany ny vilany bory.
15. Tsi mihinan-kanina vaky an-tokoana.
16. Tsy mahazo miteny raha nikotroka ny andro.
17. Tsy azo ialohan'olona, raha mandeha mikotrok'andro.
18. Tsy mahazo misatroka ny olona izay ao ^oany ny trano misy azy.
19. Tsy manonona ny anarany afatsy hoe Andriamanitra.
20. Tsy mifanolo-javatra miamboho.
21. Tsy mandro ambinani-rano.
22. Tsy mipetraka ^oany ny sampan-drano.
23. Tsy idiran-akoho mainty.
24. Tsy miompy zavatra mainty tokam-bolo.
25. Raha iakaran-takatra ny tanàna, dia anonoana omby nivolon-takatra eo an-tanàna.
26. Tsy nivoaka zoma sy asabotsy sy alatsinainy ny Andriamanitra.
27. Tsy nivoaka fati-volana ny Andriamanitra.
28. Tsy homana valala sy patsa.
29. Tsy miady nivady ny mpitahiry azy.
30. Tsy homan-javatra tsy tra-drasa.
31. Tsy azo iakaran-tsoavaly ny tanàna misy azy.
32. Raha nandray azy, dia milelaka ny tany, nananbara fa mpanonpony, dia mandady hatramy ny kiho, sady misalaka landy mena no mitafy lamba mena, ka misikina.

8. On ne mange pas de mouton, et on n'y touche pas.
9. On ne mange pas de hérisson, et on n'y touche pas.
10. On n'a pas le droit de brûler de l'écorce de bananier.
11. On ne brûle pas de glaïeul (herbe pointue).
12. On ne brûle pas de jonc horondrano.
13. On n'a pas le droit d'entrer dans une maison mortuaire.
14. On ne mange pas dans un pot sans oreilles.
15. On ne mange pas ce qui vient d'un pot qui s'est cassé sur le trépied du foyer.
16. On n'a pas le droit de parler quand il tonne.
17. On ne peut être précédé de quelqu'un, quand on marche un jour d'orage.
18. Ne peuvent rester couverts les gens qui sont dans la maison où il se trouve.
19. On ne le nomme pas autrement que par le nom d'Andriamanitra.
20. On ne se tend rien en restant de dos.
21. On ne se baigne pas dans les confluent.
22. On ne s'installe pas au bord des affluents.
23. On n'admet pas de coq noir dans la maison.
24. On n'élève pas d'animaux de couleur noire uniforme.
25. Si une ombrette survole le village, on tue au village un boeuf couleur d'ombrette.
26. L'Andriamanitra ne sort ni le vendredi, ni le samedi, ni le lundi.
27. L'Andriamanitra ne sort pas pendant la nouvelle lune.
28. On ne mange ni sauterelles ni crevettes.
29. Ses gardiens ne se font pas de scènes de ménage.
30. On ne mange pas la viande d'un animal qui n'est pas mort par la saignée.
31. Les chevaux n'ont pas le droit de monter au village où il se trouve.
32. Quand on veut le prendre, on lèche la terre ; on annonce qu'on est son serviteur ; on rampe en s'appuyant sur les coudes ; on porte une ceinture-tablier de soie rouge ; on se vêt d'une toge rouge, que l'on enroule autour du corps, en laissant les bras libres.

33. Raha hitondra azy hivoaka, dia tsy mahazo miakanjo.

21- Ireo ary, tompokolahy, no fadiny, ka tsy ho zakanao tsiakory, fa maty raha manova izao.

22- Dia nanaly Andriampanihany, ka nanao hoe :

- Na sarotra noho izany aza, dia mahatandrina tsara aho ; nefa inona moa Ramatoa no nba soa azo aminy, raha mitahiry azo aho, ka mahatandrina azy tsara amin'izao lazainao rohetra ireo ?

Dia hoy Kalabe :

1. Ny fahavalonao dia ho resy.
2. Ny momba hanana zanaka.
3. Ny marary ho sitrana.
4. Ho tian'Andriana, ho tiam-bahoaka.
5. Raha ho avy ny fahavalo, dia ho toy ny heniheny sy tatamo no fi-
jeriny ny tanana misy azy.
6. Ny malahelo ho tonga ^omanankariana.
7. Ny olom-bery tsy maty antanin'olona.
8. Ny ^ompiatafika tsy matin'ny bala, fa ny lamba aza tsy laitrany
bala.
9. Raha nita ny rano be mamba dia tsy haniny.
10. Ny boka sy ny mararin'ny nendra dia ho sitrana, raha mihinana
zavatr'Andriana.
11. Ny adala, raha mihinana zavatr'Andriana, dia sitrana.
12. Misaraka roa ny rano lehibe tondraka iny, raha tapahina ^oamy ny
fanondro, ka tsofina ^oamy ny sakamalao zavatr'Andriamanitra.
13. Raha mandeha ^oamy ny maizina, dia fahazavan'ny dia, Kelimalaza
Andriamanitra.
14. Raha misy maratra, na lavo (potraka) na voan'ny antsy na voan'ny
lofona na tafintohina, dia angalàna sira sy sakanalaon'Andriama-
nitra, dia sitrana.

33. Si on le porte pour le sortir, on n'a pas le droit de mettre des habits.

Tels sont donc ses interdits, Monsieur ; vous ne pourrez jamais les supporter, et pourtant l'on meurt si l'on y apporte un changement. -21

Alors Andriampanihany répondit par des mots : -22

- "Même si c'est plus difficile que cela, je suis capable de bien l'observer ; mais quel est donc, Madame, le bien qui peut venir de lui, si je le garde, et que je suis capable de le préserver de tout ce que vous avez dit ?

Ikalabe répondit :

1. Tes ennemis seront vaincus.
2. Les femmes stériles auront des enfants.
3. Les malades guériront.
4. Il procure l'amour du Roi autant que l'amour du peuple.
5. Si les ennemis arrivent, le village où il est leur apparaîtra comme un marais couvert de nénuphars.
6. Les pauvres deviendront riches.
7. Les gens réduits en esclavage ne mourront pas en terre étrangère.
8. Les soldats en campagne, les balles ne les tueront pas, car même leurs vêtements ne pourront être traversés par les balles.
9. Si on traverse une eau infestée de crocodiles, on ne sera pas mangé.
10. Les lépreux et les véroleux guériront, s'ils mangent de la denrée princière.
11. Les fous, s'ils mangent de la denrée princière, guérissent.
12. Les grands fleuves en crue se partagent en deux quand on pointe l'index et qu'on y souffle du gingembre, denrée divine.
13. Quand on marche dans l'obscurité, divin Kelimalaza est la lumière du chemin.
14. Si quelqu'un est blessé, ou tombé à terre, ou frappé par un couteau ou frappé par une sagaie, ou si quelqu'un a trébuché, on prend du sel et du gingembre divins, et il guérit.

15. Ny vary dia tsy mba ho matin-kavandra.
16. Raha tondreka ny rano dia entina eny Andriamanitra dia mihaina ny rano.
17. Raha manan-kabary, ka hampionona amboa, dia entina ny sakanalaon' Andriamanitra sy ny fanazavan' Andriamanitra dia tsofina amin'izay ny amboa, dia velona na dia efa saiky ho resy aza.
18. Raha misy zavatry ny Mpanjaka tiana ho azo, dia entina ny manavo-drevo sy ny sakanalaon' Andriamanitra Kelimalaza, dia azo izany.
19. Raha niady amin'olona dia momba anao ny vahoaka.
20. Raha tamian'olona ny trano, ka nisy zavatra lasany, dia tsy tadiavina intsony fa izy hiany no manatitra azy indray.
21. Raha misy andevon'ny mpanjaka miditra ^Oany ny trano misy azy, dia an'ny mpitaiza azy izany (io andevo io).
22. Raha nisy volan'Andriana vao tonga, dia anomezana ny mpitahiry azy.
23. Ny hasina rehetra izay aterin'ny vahoaka dia an'ny mpitahiry azy.
24. Raha nampiadry ombalahy, dia tsy mba nety ho resin'ombalahy ny an'ny mpitaiza any Kelimalaza.

Ireo voalaza ireo (sy izay tiana ho azo rehetra) no asany, tompokolahy, ka ambara aminao ho fantatrao tsara.

- 23- Dia faly tamin'izay Andriampanihany, ka nanao hoe :
- Ho tahin'Ikelimalaza anie hianao Rakalabe ; ho tahiny andro, ho tahiny alina, ary mba sany ho tahiany anie isika.
- 24- Dia hoy indray Kalabe :
- Izany moa, tompokolahy, no soa vitany, ka tsy azoko afenina aminao, fa Andriamanitra nanao antsika izy.
- 25- Dia hoy indray Andriampanihany :
- Andeha ary mba ho entintsika amin'izao izy, hijerena izay asany.

15. Le riz ne sera pas détruit par la grêle.
16. Si la rivière est en crue, on y apporte Dieu et l'eau se tarit.
17. Si l'on a un procès, et qu'on administre le tanguin à un chien, on apporte le gingembre divin et le flambeau divin, on en souffle sur le chien et il vit, même s'il était sur le point de succomber.
18. S'il y a un bien du Souverain qu'on veuille obtenir, on apporte la rançon du captif et le gingembre du divin Kelimalaza, et on l'obtient.
19. Si vous avez une querelle avec quelqu'un, le peuple sera de votre côté.
20. Si quelqu'un a cambriolé la maison et qu'il a emporté des objets, il est inutile de les chercher car c'est lui-même qui les rapporte.
21. Si un esclave du souverain pénètre dans la maison où il se trouve, il (cet esclave) devient la propriété du gardien.
22. Si le souverain reçoit une nouvelle somme, on en donne une partie à son gardien.
23. Toutes les offrandes qu'apporte le peuple, reviennent à son gardien.
24. Dans un combat de taureaux, celui qui appartient au gardien de Kelimalaza, ne pourra être battu par un taureau.

Tout ce que je viens d'énoncer (et tout ce que l'on désire obtenir) constitue son oeuvre, Monsieur, et je vous l'annonce pour que vous le sachiez bien.

Andriampanihany fut alors content et dit :

-23

- "Puisse Ikelimalaza te bénir Rakalabe : qu'il te bénisse le jour, qu'il te bénisse la nuit, et puisse-t-il bénir chacun de nous".

Kalabe reprit :

-24

- "Telles sont bien, Monsieur, les bonnes choses qu'il peut accomplir et je ne puis vous le cacher, car il est le Dieu qui nous a créés".

Andriampanihany dit alors :

-25

- "Allons et emportons-le maintenant pour le voir à l'oeuvre".

26- Dia hoy Kalabe :

- Avia ary hivavaka sy hanasina azy isika.

Dia nanatona azy Andriampanihany sy ny namany.

27- Dia nivavaka sy nitalaho tao an-trano Kalabe (mitodika ^oniantsi-nanina) ka manao hoe :

- "Mihainoa, mihainoa hianao Andriamanitra,

Hianao Kelimalaza, Fanonibe, Fandravan'Andriamanitra

Manao anay olom-belona hianao,

Ka tahio ireto vahiny tsy mahafoy,

Fa hitondra anao sy izaho,

Ka ny rano lalina anie harivoy (^oataovy marivo),

Ny ala maizina anie savao hazava,

Ny fahavalo hisakana anie ampivereno.

Hianao anie ry Kelimalaza no ho tokinay sy ho tanjakay;

Hikombona anie ny vavan'ny mamba izay nikasa handrapaka anay ;

Hianto anie ny varatra nikasa hilatsaka handratra anay.

Hianao anie ry Kelimalaza no ho voninahitray amin'Andriana sy

amin-bahoaka.

28- Naharitra herinandro ny raharaham-pivavahana. Andro alarobia io andro niantombohany nivavaka io, ary naharitra hiary izany, ka nony niherina ny andro Alarobia io, hifoha Alakanisy, dia niteny Andriampanihany hoc :

- Manao ahoana, torpokovavy, raha mba handeha isika izao, fa efa ela izay nahatongavanay izay.

29- Dia hoy Kalabe :

- Tsy ela loatra izay, fa vao herin'andro sy indray andro hianareo no taty, fa izaho kosa, raha ho tonga any aminareo, dia naharitra ambara-pahafatiko.

Kalabe dit :

-26

- Venez donc, nous allons le prier et lui rendre hommage".

Andriampanihany et ses compagnons s'en approchèrent alors.

Dans la maison, Kalabe (tourné vers l'est) pria et implora
en disant :

-27

" Ecoutez, écoutez, ô Dieu,

O, Kelimalaza, Fanonibe, Fandrava Andriamanitra.

Vous nous avez créés, nous les hommes vivants,

Et bénissez ces étrangers incapables de renoncer à vous

Et qui vont nous emporter vous et moi.

L'eau profonde, rendez-la peu profonde

La forêt obscure, rendez-la claire

Les ennemis qui nous arrêteraient, faites-leur rebrousser chemin.

C'est vraiment vous, ô Kelimalaza, qui serez notre confiance et notre
force.

Que se ferme la gueule des crocodiles qui projetaient de nous avaler.

Que soit suspendue la foudre qui projetait de tomber pour nous bles-
ser.

C'est vous vraiment; ô Kelimalaza, qui serez notre gloire auprès du
Prince et auprès du peuple.

Les cérémonies religieuses durèrent une semaine. Ce jour où ils
commencèrent à prier était un mercredi et cela dura assez longtemps ;
aussi, huit jours plus tard dans la nuit du mercredi au jeudi, Andriam-
panihany dit-il :

-28

- "Qu'en serait-il, Madame, si nous partions maintenant, car il y a
maintenant longtemps que nous sommes arrivés ?

Kalabe dit :

-29

- "Ca ne fait pas très longtemps, car ça ne fait qu'une semaine et un
jour que vous êtes ici, tandis que moi quand je serai arrivée chez vous,
cela durera jusqu'à ma mort."

30- Andro Alakanisy io andro io, dia Zoma, Asabotsy, Alahady maraina (tsinan'ny Alakaosy) dia niainga izy rehetra hianavaratra, (dia Kelimalaza Andriamanitra sy ny fanaka momba azy, sy Kalabe, sy izy 7 lahy).

31- Ny anaran'izy fito-lahy ireo, dia izao :

- | | |
|------------------------|----------------------------|
| 1. Ralazo | 5. Andriampanihany |
| 2. Rabefandriana | 6. Andriandambosoandrazaka |
| 3. Randriamahita | 7. Andrianiandriana. |
| 4. Randriatomponiarivo | |

32- Ary nony niala tao Analavory indray izy ireo, dia nandry tao Ankobakobaka. Dia nijanona (1) nony Alatsinainy sy (2) Talata, fa tsy fivoahan'ny Andriamanitra Kelimalaza ireo andro ireo.

33- Ary nony Alarobia, dia niala tao Ankobakobaka indray, dia tonga ao Ambatoharanana, ary nony niala tao dia nandry tao Taolana. Ary nony Zoma dia nandry tao Vinanitelô. Ary nony Asabotsy ny andro, dia nijanona tao indray, fa andro tsy fivoahan'Andriamanitra io andro io.

34- Ary nony Alahady ny andro dia nivoaka indray izy dia nandry tao Iseririnina. Dia nijanona tao indray izy ireo ^otany ny andro Alatsinainy sy Talata, fa tsy ^ofivoahany Kelimalaza ireo andro ireo.

35- Ary nony Alarobia dia niala indray izy, ka tonga tao Kalambato. Ary nony niala tao indray Alakanisy dia nandry tao Ampotopiakarana (lava-bato no andriana amin'izany).

1) Hs : nijaona.
2) sy a été restitué.

Ce jour était un jeudi, puis il y eut le vendredi et le samedi. C'est le dimanche matin (au premier croissant du Sagittaire) qu'ils partirent tous en direction du nord. Il y avait divin Kelimalaza et les meubles qui lui sont attachés, et Kalabe et les sept hommes.

-30

Les noms de ces sept hommes, les voici :

-31

- | | |
|-------------------------|----------------------------|
| 1. Ralazo | 5. Andriampanihany |
| 2. Rabefandriana | 6. Andriandambosoandrazaka |
| 3. Randriamahita | 7. Andrianiandriana. |
| 4. Randriantomponiarivo | |

Et quand de même ils eurent quitté Analavory (1), ils dormirent à Ankobakobaka. Ils s'arrêtent le lundi et le mardi (2), car ces jours-là sont ceux où le divin Kelimalaza ne doit pas sortir.

-32

Et le mercredi, ils quittèrent Ankobakobaka et arrivèrent à Ambatoharanana. Et après avoir quitté ce lieu, ils dormirent à Taolana. Et le vendredi, ils dormirent à Vinanitelo. Et quand ce fut le samedi, ils y restèrent, car ce jour est un jour où le Dieu ne doit pas sortir.

-33

Le dimanche ils sortirent à nouveau et dormirent à Iseririnina. Ils restèrent là à nouveau les lundi et mardi car ces jours là sont ceux où Kelimalaza ne doit pas sortir.

-34

Le mercredi, ils partirent à nouveau et arrivèrent à Kalambato. Et quand à nouveau ils quittèrent ce lieu le jeudi, ils dormirent à Ampotopiakarana (c'est dans une grotte qu'ils dormirent alors).

-35

1) Indray (de même) indique normalement, la répétition d'une situation précédemment définie. Manquerait-il donc un paragraphe ?

2) Le mardi n'était pas cité en I, 20, interdit n°26.

- 36- Ary nony Zona, dia niala tao indray, dia nandry tao Ambositra, dia nipetraka tao ambonin'ny vato ao avaratra Ambositra (dia raikitra anarana hoe "Ambatondrakelimalaza" izy izao ankehitriny izao).
- 37- Dia nanatitra omby Rarivonimpanalina ho an'Andriamanitra sy ny vahiny, dia novonoina teo ny omby. Ary dia mba novaliany izany ka nomeny (1) vaton-doso roa kosa Rarivonimpanalina, dia izao no fandrosoany azy :
- "Ireo ny vola ariary 1 ny hova, avy amin'Andriamanitra ka hitahiany anao anie".
- 38- Dia faly Rarivonimpanalina tamin'izay, fa nanao soa ka voavaly soa.
- 39- Ary nony Asabotsy ny andro, dia nandry tao Avaratr'Ambositra hiany izy ireo, fa andro tsy fivoahan'Andriamanitra. Ary nony Alahady izy vao niala indray, dia nandry tao Ambohiniatiaty. Ary nony Alatsinainy sy Talata indray izy dia nijanona, fa andro tsy fivoahan'Andriamanitra. Ary nony Alarobia indray izy vao niala dia nandry tao Iakiana izy ka nandry ao Anonive. Ary nony Zona, dia niala indray izy ka nandry tao Andramasina.
- 40- Ary nony Asabotsy ny andro dia nandry tao hiany izy, fa andro tsy fivoahan'Andriamanitra. Ary nony marain'ny Alahady dia niala tao Andramasina izy, ary nony nitsidik'andro dia nisakafo tao Ambohidalambo, dia nahatezana an'Ambohimananambola, dia niteny Andriampanihany hoe :
- Irỳ no ny tanàna misy antsika (miantso any Kalabe),
Dia tonga tao Ambohimananambola izy ireo.

(1) Nous avons restitué une forme du passé.

Et le vendredi, ils quittèrent ce lieu et dormirent à Ambositra, et firent halte au sommet du rocher qui est au nord d' Ambositra (de là vient le nom d'Ambatondrakelimalaza qui lui reste encore aujourd'hui). -36

Rarivoninpanalina offrit alors un boeuf (1) au Dieu et à leurs suivants, et on y tua le boeuf. Et ils répondirent à ce geste en donnant pour leur part deux demi-piastres à Rarivompanalina, et voici comment ils le présentèrent : -37
- "Prince, voici la somme d'une piastre qui vient de Dieu, et par elle puisse-t-il te bénir."

Rarivompanalina en fut satisfait, car il avait fait le bien et le bien lui avait été rendu. -38

Et le samedi, ils dormirent encore au nord d'Ambositra car c'était jour où le Dieu ne doit pas sortir. Et ce n'est que le dimanche qu'ils en partirent à nouveau, et ils dormirent à Ambohiniatiaty. Et à nouveau le lundi et le mardi, ils s'arrêtèrent car c'est jour où le Dieu ne doit pas sortir. Et le mercredi à nouveau, ils partirent et dormirent à Iakiana. -39

Et le jeudi, ils quittèrent Iakiana et dormirent à Anonive. Et le vendredi, ils se mirent à nouveau en marche et dormirent à Andramasina.

Et le samedi, ils y dormirent encore, car c'est jour où le Dieu ne doit pas sortir. Et au matin du dimanche, ils quittèrent Andramasina et vers une heure de l'après-midi, ils mangèrent à Ambohidalambo et purent apercevoir Ambohimambola ; Andriampanihany dit alors, en s'adressant à Kalabe : -40

- "Voilà là-bas, le village où sont les nôtres",

Et ils arrivèrent à Ambohimambola.

1) Ce peut être des boeufs, car le malgache ne fait pas de distinction de nombre.

- 41- Dia nampandre an'Andriambelomasina izy ireo, ka nanao hoe :
- ^DTarantitra aza marofy hianao, tompokolahy, mifanantera ^Oany ny
Ambanilanitra : "Misy Andriamanitra vao tonga -avy any ankibon'ny
omby, fa avy tany ^Oantsinanany Ikongo".
- 42- Dia hoy ny Mpanjaka :
- Iza moa izany Andriamanitra vaovao vao tonga izany, fa mba ta-
handre izay anarany aho ?
Dia hoy ny iraka :
"Rakelimalaza", hono, tompoko, no anaran'izao Andriamanitra izao.
- 43- Dia hoy ny Mpanjaka :
- Inona anefa no fanome azy, ry lehiroana ?
Dia hoy ny iraka :
- Vositra nalaza, tompoko, ary vola tsivaky no anasinana azy.
- 44- Dia faly ny Mpanjaka, ka nanao hoe :
- Andriamanitra tokoa lahy izany.
Ary dia nanome teny izy hoe :
- Tehirizo tsara ary ny Andriamanitra, fa ahy izao izao fa tsy
anareo".
Dia izy fito-lahy no mpitahiry ny Andriamanitra Kelimalaza.
- 45- Ary nony inona, dia niady an-trano Imerina ka tonga ny faha-
valo hamely an'Ambohiranambola. Dia nantsoina Kelimalaza hoe :
- Ry Kelimalaza Andriamanitra ! Vonjeo, vonjeo izahay fa revo mafy
ity.
- 46- Ary nony nandroso ireo fahavalo ireo, dia ny Aniana (hazo ma-
niry mahalailay) no nihosoran'ny fahavalo ny tavany, ka efa

Ils en firent informer Andriambelomasina en ces termes :

-41

- "Vivez longtemps, restez en bonne santé, Monseigneur, vieillissez au milieu de votre peuple. Il est un Dieu qui vient d'arriver, il vient du ventre d'un boeuf, car il vient de l'est de l'Ikongo."

Le Souverain répondit :

-42

- "Quel est donc ce nouveau Dieu qui vient d'arriver, car j'aimerais entendre son nom ?

Les envoyés répondirent :

- "Monsieur, ce Dieu s'appelle Rakelimalaza."

Le Souverain dit :

-43

- "Mais dis-moi, toi, qu'a-t-on l'habitude de lui offrir ? "

L'envoyé répondit :

- C'est un boeuf malaza, Monsieur, et d'une monnaie entière qu'on lui fait hommage".

Content, le Roi dit :

-44

- "Eh ! bien c'est effectivement un Dieu.

Et il donna ce conseil :

- "Gardez donc bien le Dieu, car il est à moi maintenant et non plus à vous."

Et ce furent les sept hommes qui furent les gardiens du divin Kelimalaza.

Et, peu après, l'Imerina connut la guerre civile, et les ennemis arrivèrent pour attaquer Ambohimambola. On appela Kelimalaza par ces mots :

-45

- "O divin Kelimalaza : secourez, secourez-nous, car nous voilà plongés dans un grand embarras".

Et les ennemis vinrent : et c'est d'amiana (arbre à feuilles urticantes) qu'ils se frottèrent le visage si bien que leur peau en fut

-46

mibindina toy ny hoditry ny (1) boka avokoa ny hoditry ny fahavalo. Tsy vitan'izany hiany, fa izy sany fahavalo, dia nifanpitombo-defona mahatsiravina fa tsy nifankahalala foana teo ka ritra naty avokoa. Ary ny olona rehetra tao an-tanàna nokasainy hasiana, dia tsy nisy nihetsika akory na lahy na vavy, fa sany talanjona foana nijery ny fahavalo nifamely, toy ny manpiady ombalahy.

-47 Ary nony nahita izany Anbohinananbola, dia sany nanasina any Kelimalaza avokoa izy rehetra, sady efa nandroso ny finoan'izy rehetra azy ho Andriamanitra tokoa.

-48 ^oTany ny andron'Andriabelomasina dia nanandaza sy voninahitra tokoa Anbohinananbola, fa mpitahiry ny Andriamanitra Kelimalaza.

-49 Dia niteny Kalabe, rehefa nahazo soa ny vahoaka Anbohinananbola sy izy fito lahy hoe :

- "Ny volonareo vehivavy dia ^oavay randrana avokoa ka asaivo faravolo tahaky ny ahy".

-50 Dia nanaiky avokoa ny vehivavy rehetra, na mainty na fotsy, ka nanova randrana avokoa.

-51 Ary nony niely ny ^olazany Kelimalaza, noho ny asany nahavonjy ny vahoaka, dia sany nanolo-tena sy nitady any Kelimalaza, ho andriamaniny sy ho tompony avokoa ny vahoaka anbanianandro rehetra. Dia tonga tao Anbohinananbola ny vohitra diny ao Anbohinananbola sy Itsaraonenana sy Imerinkasina sy Anbohijafy sy Anbohitsimoloka sy Anbohimate sinjo (2) sy Ifarariana sy Inangabe sy Anparafaravato. Ireo vohitra 13 ireo, dia vory sy nanome voninahitra any Kelimalaza avokoa.

1) ny est restitué.

2) Ms : Anbonatsinjo

toute boursouflée comme celle des lépreux. Et ce ne fut pas tout : ce fut entre eux que les ennemis se sagayèrent de façon épouvantable, car sans raison apparente ils ne se reconnaissaient plus : tous moururent jusqu'au dernier. Et, hommes ou femmes, aucune des personnes du village qu'ils avaient projeté de battre, ne fit le moindre geste, car, de voir les ennemis s'entretuer, elles restaient fascinées comme au spectacle d'un combat de taureaux.

Et quand Ambohinanambola eut vu cela, tous honorèrent Kelinalaza, -47
et tous le tinrent plus fermement pour un vrai Dieu.

Du temps d'Andriambelomasina, Ambohinanambola possédait vraiment -48
gloire et honneur, car il était le gardien du Dieu Kelinalaza.

Quand le peuple d'Ambohinanambola et les sept hommes eurent reçu -49
cet avantage, Kalabe prit la parole :
- "Vous femmes, changez toutes la coiffure de vos cheveux et coiffez-vous comme moi en égalisant vos cheveux".

Toutes les femmes blanches ou noires, acceptèrent également et -50
changèrent de coiffure.

Et quand la renommée de Kelimalaza se fut répandue, grâce à la -51
protection qu'il avait accordée au peuple, l'ensemble du peuple ambaniandro se voua à Kelimalaza et voulut l'avoir pour Dieu et maître.
Arrivèrent à Ambohinanambola les gens des cinq collines d'Ambohinanambola, et ceux d'Itsaraonenana, d'Inerikasina, d'Ambohijafy, d'Ambohitsimeloka, d'Ambohinhatsinjo, d'Ifarariana, d'Imangabe et d'Amparafaravato. Ces treize collines se réunirent et célébrèrent Kelimalaza.

52- ^oNanampitoana isam-bolana izy ireo, hanome voninahitra sy hanamasina any Kelimalaza ; ary satria andro lehibe taminy io, dia mahagaga koa ny laolao sy ny fikoranana asehony amin'izany andro izany. Tsy ny izany hiany no asehony amin'io andro io, fa sany manatitra zavatra arak'izay tiany haterina avokoa ny vahoaka ; ny sasany mitondra onby ^ovilavita, ny sasany mitondra voahangy, ny sasany mitondra mason-bola, ny sasany (1) mitondra vola voamena, ny sasany mitondra vola erananbatry etc.

53- Ireo dia nataony ho mariky ny hafaliany, ary ny hira sy ny fibobiana izay nataony, dia fanonezan-boninahitra sy fanandratana any Kelimalaza Andriamanitra.

54- Araky ny efa voalaza, dia Anbohinanambola no renivohitra malaza tanin'izany andro izany, fa tao no ^onitoerany Kelimalaza Andriamanitra, ka izany no anton'ny nanatonan'ny vahoaka ambaniandro rehetra isam-bolana ato. Tao koa no nivantanany voalohany raha vao tonga avy any Kongo izy, ka dia tao no nanorenana ny lapa lehibe hitoerany izay voahodidin-drova tsara.

55- Tamini-panajana lehibe no nandraisan'ny olona azy, raha vao tonga izy ; ny vahoaka dia nihoby fatratra. Ary ny vehivavy kosa nirary (nihira) hoe :

"Hianao Rakelimalaza, Andriamanitray

Hianao Rakelimalaza, Andriamanitray

Ny tsy manana anao no maniry,

Fa izahay efa manana anao dia sambatra

Hianao Rakelimalaza Andriamanitray

Anboniavaratry ny ala zozoro

Eo ambony atsimon'ny lalan-bahoaka

1) Ms : sany

Ils tenaient une réunion chaque mois pour célébrer Kelinalaza et le sanctifier : et comme c'était un grand jour pour eux, les jeux et les manifestations de joie ce jour-là étaient une merveille. Ce n'est pas seulement par de telles choses qu'ils se manifestaient ce jour-là, car tous les gens apportaient des offrandes selon leur coeur : certains apportaient des bœufs vilavita, d'autres des perles de corail, d'autres des anneaux d'argent, d'autres une somme de vingt centimes, d'autres une somme de sept centimes, etc...

Tout cela, ils le faisaient en témoignage de leur satisfaction ; quant à leurs chants et acclamations, c'était une façon de célébrer et d'exalter le divin Kelinalaza.

Ainsi que cela a été dit, Ambohinambola était une capitale célèbre en ce temps-là, car c'était là que demeurait le divin Kelinalaza, et c'est pourquoi l'ensemble du peuple ambaniandro s'y rendait chaque mois. C'est également là qu'il s'était rendu directement quand il est arrivé de l'Ikongo et c'est donc là qu'on avait édifié pour sa résidence un grand lapa (1), entouré d'une belle enceinte.

C'est avec beaucoup de respect que l'avaient reçu les gens à son arrivée. Le peuple l'avait beaucoup acclamé. Et les femmes, de leur côté, avait prié par ce chant :

" O Rakelinalaza, vous êtes notre Dieu
O Rakelinalaza, vous êtes notre Dieu.
Ceux qui ne vous possèdent pas sont en proie au désir.
Mais nous qui vous possédons, nous sommes dans l'allégresse.
O Rakelinalaza, vous êtes notre Dieu,
Qui dominez au nord la forêt de souchets
Qui dominez au sud le sentier que suit le peuple

1) Lapa, souvent traduit par palais, est en fait une construction qui possède un caractère sacré particulier. Il en est ainsi aussi bien de la demeure d'une divinité que de celle d'un Prince ou de n'importe quel chef de famille ayant des pouvoirs religieux.

Ka ny tsy manana anao no maniry
Fa izahay manana anao dia sambatra ;
Fa hianao Rakelimalaza eto anati-rova lefona,
Eto ^o atanpon'Ambohimambola ;
Tsy iakaran-basy, fa izany lefona miakatra hiany.

Ireo tonon-kira ireo no andihizany sy irebohany ho fanasinana
an'Andriamanitra.

56- Ary nony vita ireo hira fifaliana ireo, dia mitsangana ny lehi-
be mitarika ny vahoaka, dia mikabary sy manasin'Andriana sy nanao (1)
^o tarantitra Andriana izy.

57- Ary nony vita izany, dia hoy indray ny fiteniny :
- "Avy manao tsara hiany an'Andriamanitra sy manasina anao Kelimalaza
izahay ; fa hianao no ahiratan'ny maso, hianao no andehanan'ny tongo-
tra, hianao no ihetsiketsehana sy iainana, fa hianao no Andrianana-
hary, nanao ny olon-belona, koa dia avy manolotra ny hasina izahay.

58- Ary nony manolotra ny hasina izy, dia mandady mananty tanan-
droa sady niteny maleny hoe :
- "Tahio andro tahio alina aho ry Kelimalaza!"

Ary ny iray amin'izy fitolahy kosa no mandray ny hasina, sady
misikina tsara, ka niteny hoe :
- "Ity hasina ataonareo ity anie hahamasina any Kelimalaza, ^o Andri-
amanintsika !

Dia mihoby sy mandihy amin'izay izy, sady mitehaka ny lanàko
(anponga hazo). Ary nony vita ny dihy sy ny akoralava (fihobiana)
nataony, dia sany manasina tsirairay arak'izay ananany indray ny
vahoaka.

1) nanao a été restitué.

Et ceux qui ne vous possèdent pas sont en proie au désir
Mais nous qui vous possédons, nous sommes dans l'allégresse
Car vous Rakelinalaza, vous êtes à l'intérieur d'une enceinte de sa-
gaies.

Ici au sommet d'Ambohinanambola

Où ne monte pas le fusil, quoiqu'y monte la sagaie".

C'est sur ces chants qu'elles dansaient majestueusement parées
pour l'honneur du Dieu.

Et quand étaient finis ces chants de joie, les grands qui condui- -56
saient le peuple se levaient, puis prenaient la parole pour rendre hom-
mage au souverain et lui souhaiter longue vie.

Après cela, ils tenaient encore le langage suivant : -57

- "Nous venons saluer le Dieu comme un prince et vous rendre hommage,
à vous Kelimalaza : car c'est par vous que sont désillés les yeux, par
vous que sont avancés les pieds, par vous que l'on peut se mouvoir et
vivre, car c'est vous Andriananahary, qui avez donné la vie aux hommes.
Aussi venons-nous vous présenter l'offrande d'allégeance".

Et quand ils offraient l'offrande d'allégeance, ils avançaient, -58
courbés et les genoux pliés, tendant leur deux mains jointes la paume
tournée vers le ciel et murmurant :

- "Bénissez-moi le jour bénissez-moi la nuit, ô Kelimalaza".

De son côté, un des 7 hommes, prenant l'offrande en ayant noué sa
toge autour des reins, disait :

- "Puisse cette offrande que vous faites sanctifier Kelimalaza, notre
Dieu à tous".

Il clamait alors sa joie et dansait, tout en battant des mains
le tambour de bois. Et c'est après sa danse et ses cris d'allégresse
que chacun des assistants venait l'un après l'autre faire une offran-
de à la mesure de ses biens.

- 59- Dia angonin'ny mpitahiry any Kelinalaza ireo hasina sy masonbola naterin'ny vahoaka ireo. Ary nony voakanbany, dia misy ariary 30, ary indraindray dia misy ariary 100 na ariary 200 na ariary 250 aza indray andro, raha sendra betsaka ny vahoaka manasina; ary ny masonbola azo anin'izany hasina izany kosa, dia misy lanjan-ariary 15 na ariary 7 na ariary 10 na ariary 30.
- 60- Izany no soa azon'Ambohinanambola^o tany ny Kelinalaza isambolana, afa-tsy ny mitondra isan'Alakamisy sy Alahady sy Alarobia (fa ireo dia nahazo ariary 5, 6, 7).
- 61- Tsy vitan'izany hiary no soa azon'Ambohinanambola^o tany ny Kelimalaza, fa nomen'ny Andriamanjaka voninahitra koa izy, nohony nitchirizany any Kelimalaza, dia izao no nataony anarany : Tsy matimanota, Fahatelon'Inerina, Andranolazaina, havako, hoy ny Manjaka, tsy atao miaramila izy. Koa ny nahazahoany izany anaran-tsoa sy nalaza ireo, dia noho Kelinalaza hiary. Ireo valin-tsoa azon'Ambohinanambola avy^o any ny Andriamanjaka ireo anefa, raha ho dinihina tsirairay ny heviny, dia izao :

Fahatelon'Inerina

Fanomezamboninahitra lehibe izany, fa -ny Andriamanjaka, fahatelony, ary Inerina, fahatelona : ary izy, fahatelony.

Andranolazaina

Fitiavana lehibe izany, fa na dia misy adin'ireo aza, na kely na ady lehibe dia tsy^o foiny Manjaka hifampitory na hiady ao ambodirova akory, (tahaky ny^o fandriny Inerina Ambanilanitra) fa voafantina teto^o any ny izao tany nanjakany izao, ho voasandratra ambony, ho fizarana fahatelon-tokon'ny Andriamanjaka aza, araky ny voalaza ao ambony.

Les gardiens de Kelimalaza recueillaient ces offrandes et ces -59
anneaux d'argent apportés par le peuple. Et quand ils les réunissaient,
il y en avait pour 30 piastres, et quelquefois pour 100, ou 200, et même,
un jour qu'il se trouva beaucoup de gens, 250 piastres ; quant aux
anneaux d'argent recueillis au cours de ces offrandes, il y en avait un
poids équivalant à 15 piastres, ou à 7, ou à 10, ou à 30 piastres.

Voilà les bénéfices qu'Ambohimananbola recevait chaque mois du -60
temps de Kelimalaza, sans compter ceux qui apportaient chaque jeudi,
chaque dimanche et chaque mercredi (et ces jours-là, on recevait 5, 6
ou 7 piastres).

Et les bénéfices reçus par les gens d'Ambohimananbola ne s'ar- -61
rêtaient pas là du temps de Kelimalaza, car le Prince-Régnant leur
avait également conféré des honneurs parce qu'ils gardaient Kelimalaza:
et voici comment il les appelaient : Tsimatimanota (1), Fahatelon'
Imerina, Andranolazaina. "Ce sont mes parents" disait le Roi ; on ne
les requiert pas pour le service armé. Et s'ils obtinrent ces titres
et qualités célèbres, c'est encore grâce à Kelimalaza. Maintenant, si
on examine un à un le sens de ces récompenses obtenues du Prince-Régnant
par les Ambohimananbola, les voici :

Le Tiers de l'Emyrne

C'est un grand honneur qui leur avait été conféré, car le Prince-
Régnant constitue un tiers, le peuple merina un autre tiers, et eux, éga-
lement un tiers.

Andranolazaina

C'est une grande preuve d'amour, car même s'il y avait un procès
entre ces gens, que ce soit un grand ou un petit procès, le Roi ne pou-
vait se résoudre à les laisser se dénoncer ou plaider au pied du Rova
(comme c'était la norme pour les sujets merina) et cela parce qu'ils
ont été choisis à l'intérieur de son royaume pour être en tiers avec le
Souverain, ainsi qu'il a été dit plus haut.

1) Tsimatimanota "Ceux-qu'on-ne-net-pas-à-mort-quand-ils-ont-commis-un-
crime" ; c'était un privilège accordé à quelques groupes pour services
importants rendus à la monarchie.

Tsy azo atao Miaramila

Heverina ho soa lehibe azony koa izany, ho fanampin'ny maha voavaka azy ^oany ny Ambanilanitra nanjakàny : ary ny fototr'izany in-drindra dia -tsy azo iakaram-basy ny vohitra nisy any Kelimalaza, (fa fady azy izany) ka izay no tsy nanaovana Miaramila azy.

62- Ary izao koa no tombon-tsoa nomen'ny Manjaka ny tena npitahiry any Kelimalaza :

- Ny vodihena avoaka homena azy, dia roa isan'Alakanisy sy Alahady sy Alarobia.

Ary tsy azo hanin-bodihena ireo vahoaka nanompo any Kelimalaza ireo.

63- Ary ny fanjakana fanaon'Imerina sy ny Ambanilanitra dia tsy ataony, toy izao :

- Tsy mandoa isan-pangady izy,
- Ny rary lava tsy ataony,
- Ny landin'ny Manjaka, tsy ataony,
- Ny variraiventy isan'olo-niaina tsy ataony,
- Tsy ^ohanin-kariana mati-momba izy.

64- Nomen'ny Manjaka anarana koa izy hoe :

- " Vorivorin-kena,
- " Tsy ampian-tsy analàna,
- "Terak'ilay voamba,

On ne peut les requérir pour le service armé

On pense que c'était un grand bien qu'ils avaient aussi obtenu, pour ajouter à ce qui pouvait les distinguer des sujets qu'ils gouvernaient ; et cela se fondait plus particulièrement sur le fait qu'on ne pouvait monter de fusil dans le village où était Kelimalaza, (car cela lui était interdit), et c'est pour cela qu'on ne les enrôlait pas comme soldat.

Et voici aussi les privilèges donnés par le Roi à ceux qui étaient les vrais gardiens de Kelimalaza : -62

- La culotte : on en mettait deux de côté pour les leur donner tous les jeudi, dimanche et mercredi.

De toute façon, l'on ne pouvait astreindre les fidèles de Kelimalaza à verser le vodihena au Souverain.

Et ce qui était normalement imposé par l'Etat à l'Incrina et aux Ambanilanitra, ils n'avaient pas à s'y soumettre ; ainsi : -63

- Ils ne versaient pas l'impôt par bêche.
- Le rary lava (1), ils ne le devaient pas.
- La soie pour le Roi, ils ne la devaient pas.
- Le variraiventy (2) par personne vivante, ils ne le devaient pas.
- L'Etat ne leur reprenait pas les biens des personnes mortes sans postérité.

Le Roi les désigna aussi par ces mots : -64

" Tripes du boeuf.

" A qui on n'ajoute ni ne prend rien,

" Descendants de celui qui était de couleur brune et noire

1) Rary lava Les femmes n'étaient pas astreintes à prier en permanence pour les guerriers partis en expédition.

2) Le variraiventy équivalait à la 720 ème partie de la piastre.

" Zanaky ny ombalahy °singon-tsofina,
" Andriana nahavita-tena".

- 65- Izany no voninahitra sy fitiavan'ny Manjaka an'Ambohinanambola avokoa, noho Kelimalaza Andriamanitra hiany.
- 66- Efa nampiorina mafy ny fitiavany °any ny Kelimalaza ny Andria-
(1)
manjaka, ary nanolotra ny tenany sy ny fiahiany rehetra ary ny fanja-
kàny ho ao °any ny fiarovany, ka °afapo-npanandratana an'Ambohinanan-
bola, ho olo-malala indrindra, ary ireo kosa dia tapi-javanirina ta-
min'izany andro izany.
- 67- Ary nony handeha hiantafika Imerina dia ireo mpitaiza any Keli-
malaza ireo no atao aloha-lalana indrindra ; lefonina ireo dia mifo-
ritra ny lefona, tofirina ireo °tatazany °any ny lambany ny bala, ka-
paina °any ny sabatra ireo dia mifotitra amin'izay nikapa indray ny
sabatra, sanborina ho babo ireo dia ilay fahavalo nisanbotra azy
hiany no tonga nanatitra azy eo °any ny °tobiny Imerina indray.
- 68- Ary nony resy ny fahavalo, dia velona ny hoby sy ny akora ka
nidera any Kelimalaza ny tafika rehetra, dia manasina any Kelimalaza
izy rehetra.
- 69- Ary rehefa nody ny tafika, ka tonga eo °any ny Manjaka, dia
zaraina aminy ny babo : fa ny an'Ambohinanambola (mpitahiry any
Kelimalaza Andriamanitra)kosa dia tsy nba zaraina ny babo, fa an-
piana °any ny anjaran'ny Manjaka koa aza.

1) Ms : any.

" Fils du taureau attaché par les oreilles (1)

" Nobles qui se suffisent à eux-mêmes."

Voilà comment le Roi honorait tous les Ambohimambola et leur montrait son amour, toujours à cause de divin Kelimalaza. -65

